# Ilay Voa Tsara Nafafy 14 Septambra 2018

**14** **Zoma**
septambra

**Andriamanitry ny fampiononana rehetra ... mampionona anay ... mba hahaizanay mampionona izay rehetra mitondra fahoriana kosa, amin'ny fampiononana izay ampiononan'Andriamanitra anay.** 2 Korintiana 1. 3, 4

**Misafidy ny hankasitraka**

„Nanjary nalemy aho rehefa fito ambin'ny folo taona, ka mampiasa seza misy kodiarana. Karazan'olona samihafa no manodidina ahy, manampy sy manohana ahy, amin' izay fihetsika rehetra ilaina andavanandro... Dodona aho misaotra azy ireo, amin'ny fo feno fankasitrahana...

Raha mba manana izany toe-po izany moa isika, amin'ny Tompo Jesosy, maneho fankasitrahana Azy amin'ny vavaka fisaorana asandratra aminy mandritra ny tontolo andro !

Hatramin'izay naha malemy ahy izay, dia misaotra an' Andriamanitra saika amin'ny fotoana rehetra aho, tsy hoe „amin'ny zavatra rehetra" ihany (1 Tesaloniana 5. 18), fa koa „noho ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika" (Efesiana 5. 20).

Amin'ny ankapobeny isika dia misaotra an'Adriamanitra noho ny fahasoavany, noho ny fampaherezany sy fanohanany antsika ao anatin'ny fitsapana. Fa isika ve mba misaotra Azy noho io fitsapana io mihitsy ? Io anefa no mampanakaiky antsika aminy. Nandritra ireo am-polontaona naha tanaty seza misy kodiarana ahy aho, dia nianatra ny tsy hanasaraka ny Mpamonjiko sy ireo fijaliana avelany hihatra amiko. Nianarako ny tsy hihevitra ny hatoko tapaka (ny anao angamba fo maratra na tokantrano rava) ho „zava-mitranga" tsotra fotsiny, ho loza hanatsoahan'ny Tompo zava-tsoa, amina fomba tsy dia fantatro loatra. Tsia, fa lehibe lavitra noho izany Ilay Andriamanitry ny Baiboly...

Io fitahiana mampangirifiry io, „io fanomezana mifono mainty io", io no misintona ahy sy manosika ahy ho eo an-tratran'ny Mpamonjy. Ary eo no misy ny fifaliana !"

*(araka an'i Jony Eareckson Tada, „Misafidy ny hankasitraka")*